**SABATA 11 Mars 2023**
**Fitondranam-bavaka maneran-tany momba ny  asa eo anivon'ny Radio**

**FAMPIDIRANA :**

Tena nanana ny lanjany teo amin'ny tantaran'ny fihitaran'ny Filazan-tsara ny fitaovam-pifandraisana

## I- NY ZAVA-NISY TANY ALOHA (Paradigme)

Voalaza ao amin'ny **Kolosiana 4 : 15 -16** izao teny izao : "*Manaova veloma ny rahalahy any Laodikia ary Nymfa sy ny fiangonana ao an- tranony. Ary rehefa voavaky atỳ aminareo ity epistily ity, dia asaovy hovakina ao amin'ny fiangonan'ny Laodikiana koa; ary vakionareo kosa ilay avy amin'ny Laodikiana*."

Inona no azo tsoahina avy amin'io tantara io ?

1- Nampiasa olona I Paoly mba hampita/hizara ny epistiliny. Tsy nisy fitaovam-pifandraisan-davitra tamin'izany, koa dia olona no mandeha mitondra ny hafatra; **and. 9** "*ary Onesimosy, rahalahy mahatoky sy malala izay avy aminareo, dia nirahiko koa. Izy roa lahy hampahafantatra anareo ny zavatra rehetra atỳ »*
2- Mandeha sambo, lavitra izy ireny matetika mitondra ireny hafatra ireny
3- Tsy indray mahazo ny hafatra tiana hampitaina amin'ny fotoana iray ny fiangonana. Vakiana ao amin'ny fiangonana iray izany vao ampitaina any amin'ny fiangonana hafa. **And. 16**

Izany no paradigme niainan'ny Fiangonana voalohany mahakasika ny fifandraisany amin'ny Mpitarika foibe, ireo mpitory filazan-tsara, ny fifandraisan'ny samy fiangonana, ary ny manodidina

## II- INONA NO VINAN'NY BAIBOLY MOMBA NY FITORIANA ?

Andao ary ho jerentsika ny vision'ny Baiboly momba ny fitoriana ny Filazan-tsara.

**Efesiana 2 : 17** "*Ary tonga Izy ka nitory teny soa mahafaly milaza fihavanana taminareo izay lavitra ary fihavanana tamin'izay akaiky koa*. » Tonga JESOSY nitory fihavanana tamin'izay lavitra ary nitory fihavanana amin'izay akaiky koa.

Tena nataon'I Jesosy ho Mission ny hitory filazantsara, tsy eo amin'izay akaiky ihany fa any amin'izay lavitra koa. Ekena fa tsy nanao izany hatrany amin'ny faran'ny tany Jesosy. Saingy napetrany amintsika izay Mission izay. Hitory filazantsara amin'izay lavitra sy amin'izay akaiky.

Tena manana adidiy isika amin'ny alalan'ny fitaovam-pifandraisana, ao anatin'izany ny RADIO, misy ankehitriny hitory any amin'ireo izay lavitra. Manana adidy ny Kristiana tsirairay, tsy hitory amin'izay akaiky azy ihany fa amin'izay lavitra ihany koa.

Andao hiverenana ilay tantaran'I Paoly sy ny fifandraisana teo ka ho jerentsika ny toe-tsaina sy ny principe tokony hitondra antsika eo amin'io resaka fifandraisana io.

## III- TOE-TSAINA SY PRINCIPE

Ao amin'ny **Kol. 1 : 8,9** : dia hoy izy : "*sady efa nanambara taminay koa ny fitiavanareo ao amin'ny Fanahy. Ary noho izany izahay koa hatramin'ny andro nandrenesanay dia tsy mitsahatra mivavaka sy mangataka ho anareo, mba hofenoina fahalalana tsara ny sitrapony ianareo amin'ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina rehetra avy amin'ny Fanahy* »

1- Tena ilaina ny communication sy ny fitaovam-pifandraisana, ao anatin'izany ny RADIO, rehetra mba hampitantsika izay rehetra miseho. Tena tsy nataon'i Paoly ambanin-javatra ny hahafantatra sy ny hampahafantatra izay rehetra miseho. Nilainy ny hahafantatra izay miseho rehetra any amin'ny fiangonana, ary nataony izay hahampahafantaran'ny fiangonana izay rehetra miseho any amin'izay misy azy, ny fizotran'ny fitoriana rehetra, ny fandrosoan'ny fiangonana…
2- Mba hivavaka ho anareo, hoy izy, … tena ilaina izy ireny voalohany indrindra, hahafahan'ny rehetra mifampivavaka. Tena ambetintenin'i Paoly matetika ny hoe : mivavaha ho anay (amin'ny asa fitoriana izay ataony), sy ny hoe mivavaka ho anareo izahay…tsy natao hifampitsikerana aloha ilay vaovao fa natao hifampvavahana !
3- **Jakoba 3 :18** « *Ary ny vokatry ny fahamarinana dia afafy amin'ny fihavanana ho an'izay mampandroso ny fihavanana* » : Ny filazantsaran'ny fahamarinana hoy izy dia afafy amin'ny fihavanana ! ity toe-tsain'ny fihavanana (paix) ity no anisan'ny nampiavaka ny fomba fifandraisana tamin'ny andron'ny Apostoly Paoly. Indray mandeha ny Apostoly Paoly no nanao discours philosophique niteraka ady hevitra ary tsy nahitam-bokany, indray mandeha izy nitory toy izany koa teo amin'ny Mpitondra ambony iray ary tsy nahitam-bokany. Nanafatra izy taty aoriana hoe : Miezaha mitady fihavanana (Paix) (Heb. 12 : 14), aza manao ady teny, izay nanarina indroa na in-telo ka tsy mety dia ialao, sns… toe-tsain'ny paix,

**FAMARANANA :**

Andao isika hampianatra ny ondry rehetra ao amin'ny fiangonana mba hazoto hampiasa ny fitaovam-pifandraisana (ao anatin'izany ny RADIO): **hitoriana ny filazantsara** sy hanaparitahana ny fandrosoan'izany. Andao hifampivavaka rehefa mahita ireny fitoriana amin'ny fitaovana ireny sy hivavaka ho an'ieny. Ary indrindra, fa, andao hazoto sy hamporisika mba hamafy ny filazantsaran'ny fahamarinana amin'ny fihavanana, eny, hikolo ny famafazana amin'ny fihavanana !

Pasitora Rado RAKOTONANDRASANA
Talen'ny Departemanta ny FIFANDRAISANA/ PARL
FIVONDRONAMBE NY RANOMASIMBE IDIANA